



**Nataon'ny Loholona Elder Robert D. Hales**

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Adidintsika amin'Andriamanitra: Asa Anirahana ny Ray aman-dreny sy ny Mpitarika mba Hataony amin'ny Taranaka vao Misondrotra

*Andraikitra tsy maintsy ataontsika ny manampy ny tanora bahatakatra sy bino ny filazantsara amin'ny fomba lalina ho an'ny tenany manokana.*

**A**nio tolakandro aho dia tehanome famporisihana ny ray aman-dreny sy ireo rehetra izay voantso mba hitarika sy hanompo ireo tanoran'izao tontolo izao. Nofaritan'ny Tompo toy izao manaraka izao izany: “Izany koa dia andraikitra tsy azo ihodivirana izay ananantsika amin'ny taranaka vao misondrotra rehetra” (F&F 123:11).

Nandritra ny fiainako amin'ny maha-ray sy raibe ahy dia nieritreritra momba ity fanontaniana ity aho hoe,

inona no *adidiko amin'Andriamanitra* raha eo amin'ny lafin'ny tanora? Mamelà ahy ianareo hizara zavatra vitsivitsy izay nianarako tamin'ny alalan'ny fandinihana sy tamin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelon'ny tena manokana.

Ho antsika rehetra, ny fanaovana ny adidintsika amin'Andriamanitra amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitarika antsika dia manomboka amin'ny fitarihana aseho amin'ny ohatra—dia ny miaina tsy tapaka ary amim-piniavana

ny fitsipiky ny filazantsara ao an-tokantrano. Mitaky fahavononana sy finiavana isan'andro izany.

Ho an'ny tanora dia tsy misy zavatra hafa mahasolo ny fahitana ny filazantsara iainana eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Ireo zatovo miaramila dia tsy niahahy ny zavatra ninoan'ny ray aman-dreniny. Hoy izy ireo hoe: “Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay” (jereo Almà 56:47–48). Moa ve mahafantatra izay mba fantatsika ny zanatsika?

Manana zafikely lahy iray izay aho izay nangataka ahy indray mandeha mba hiaraka aminy hijery sarimihetsika iray izay malaza nefa tsy tokony hojere-na. Nolazaiko izy hoe mbola tsy tena antitra tsara aho mba hahafahako hijery izany horonan-tsarimihetsika izany. Tena sanganehana izy mandrapanazavan'ny renibenany tamin'ny fa tsy mifanaraka amin'ny an'i Dadabe ilay fomba fanasokajiana amin'ny alalan'ny taona. “Azoko amin'izay ilay izy ry Dadabe. Tsy ho lasa ampy taona na oviana na oviana ianao hahafahanao hijery an'io sarimihetsika io, sa tsy izany?” Ary marina ny azy!

Ankoatra ny fampisehoana ny tanora ny lalana amin'ny alalan'ny ohatra, dia mitarika azy ireo isika amin'ny alalan'ny fiezahantsika hahatakatra ny ao am-pony sy ny fiarahantsika mandeha miaraka aminy eny amin'ny lalan'ny filazantsara. Mba hahatakarana marina ny ao am-pony dia tsy maintsy manao mihoatra noho ny fiarahana amin'izy ireo ao amin'ilay efitrano iray foana isika na fiarahana amin'izy ireo manao fiaraha-miantan'ny fianakaviana sy manatrika ny fiaraha-miantan'ny Fiangonana izay efa mahazatra. Tokony handrindra sy hanararaotra ireo fotoana ampianarana isika mba hahazoany fahatsapana lalina sy maharitra ao antsaingy sy ao am-pony.

Ohatra, ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia mikarakara tsy tapaka fiaraha-miantan'ny fisoronana sy fivorian'ny skoto ary lasy—saingy moa ve ireny fiaraha-miantana ireny mahatanteraka foana ny tena tanjony lehibe indrindra? Izaho dia nianatra fa ny fomba hahatonga ny fiaraha-miantan'ny fisoronana na ny an'ny skoto hanan-danja ho an'ny zatovolahy iray dia tsy ny fahazoana mari-pankasitrahana eo



amin'ny tratra fa ny fahafahana miaraka mipetraka sy miresaka amin'ny mpitarika iray izay liana momba azy sy ny fiainany.

Mitovy amin'izay koa ry ray sy reny, rehefa mandeha fiara na mandeha antongotra hanatitra ny zanakareo ianareo na handeha ho any amin'ireo zavatra hafa ataony, moa ve mba mam-piasa izany fotoana izany ianareo hiresahana aminy momba ny fanantenany sy ny nofinofiny ary ny mampatahotra azy sy ny mahafaly azy? Moa ve ianareo mba manokana fotoana hangatahana azy ireo hanala ny fitaovana eny amin'ny sofina hihainoana MP3 sy ireo zavatra hafa mba hahafahany mihaino anareo sy mahatsapa ny fitiavanareo? Arakaraky ny iainako no ahatsapako bebe kokoa fa ireo fotoana nampianarana ahy nandritra ny fahatanorako, indrindra fa ireo fotoana natokan'ny ray aman-dreniko ho an'izany dia nisy fiantraikany teo amin'ny fiainako ary nahatonga ahy ho toy izao.

Tsy azo atao ny tsy miraharaha ny fitarihan'ny ray aman-dreny izay mahatakatra ny ao am-pon'ny zanany. Ny fikarohana dia nampiseho fa mandritra ireo fiovana tena lehibe eo amin'ny fiainana—ao anatin'izany ireo fotoana izay tena mety hisitahan'ny tanora amin'ny Fiangonana—Ny fitarihana lehibe indrindra dia tsy avy amin'ny

fanaovana dinidinika amin'ny eveka na mpitarika hafa fa avy amin'ny fifandraisana tsy tapaka, tsara, feno fitiavana sy fiahiana avy amin'ny ray aman-dreny.

Rehefa ao an-tsaintsika izany ka mipetraka eo amin'ny latabatra fisakafoanana isika, dia moa ve eo daholo ny fianakaviana? Tadidiko aho fony mbola zatovolahy dia nangataka fahazoandalana mba hilalao baseball nandritra ny fotoam-pisakafoanana hariva. “Apetraho eo ambony fatana fotsiny ny sakafoko,” hoy aho tamin'ny reniko. Dia novaliany hoe: “Ry Robert, tena tiako ianao mba hisento kely aloha, modia aty an-trano mba hiaraka hisakafo hari-va amin'ny fianakaviana, dia avy eo ianao afaka mandeha mivoaka sy milalao baseball mandrapahamaizin'ny andro.” Nampianatra anay rehetra izy fa raha mikasika ny fiarahan'ny fianakaviana misakafo, dia tsy ny sakafo no zavadehibe fa ny fifandraisan'ny fianakaviana izay mamelona ny fanahy. Nampianatra ny reniko fa ny omentsika fitiavana lehibe indrindra dia ny ao an-tokantranontsika.

Eo amin'ny lafin'ny fifandraisantsika amin'ny tanora, raha te hanohina ny fony isika, dia tsy maintsy maneho fitiavana azy toy ny anehoantsika fitiavana ny olon-dehibe mpiara-miasa atokisana iray na namana akaiky iray. Ny tena zava-dehibe dia ny fametrahana

fanontaniana azy ireo sy famelana azy ireo hiresaka ary avy eo ny fahavononana hihaino—eny, hihaino dia hihaino bebe kokoa hatrany—ka hihaino amin'ny alalan'ny sofina ara-panahy mihitsy aza! Taona maro lasa izay dia nisisika teo akaikiko ny iray tamin'ireo zafikeliko lahy raha teo am-pamakiana gazety aho. Rehefa namaky aho dia faly ery naheno ilay feo kely miteniteny tao aoriako. Alaivo sary an-tsaina ny fahatairako rehefa fotoana fohy taorian'izay, niditra teo anelanelako sy ilay gazety izy. Noraisiny tamin'ny tanany ny tarehiko ary notsindrian'ny tamin'ny orony ny oroko no sady nanontany izy hoe: “Dadabe a! Ao ve ianao?”

Ry Neny sy Dada, ao ve ianareo? Ry Dadabe sy Bebe, ao ve ianareo? Ny atao hoe *ao* dia midika hoe mahatakatra ny ao am-pon'ireo tanorantsika ary mifandray amin'izy ireo. Ary ny atao hoe mifandray aminy dia tsy midika hoe miresaka aminy fotsiny fa miaraka manao zavatra amin'izy ireo koa.

Vao haingana aho no nandre reny iray nitantara ny fomba nanampiany ireo zanany telo vavy voalohany mba hahatontosa ny zavatra takiana ao amin'ny Fivoaran'ny Tena Manokana (Mon Progrès Personnel) amin'ny alalan'ny fanaovana ny zavatra izay andrasana—manao izay ahalalana zavatra foana sy manao sonia ireo asa asaina atao. Dia nanazava tsara izy ary nikoriany teny amin'ny takolany ny ranomaso: “Niaraniasa tamin'ny zanako vavy fahaefatra aho vao haingana tamin'ny fanaovana ireo asa asaina ataony. Nampisy fiovana tena lehibe teo amin'ny fiainanay sy ny fifandraisanay izany. Saingy tena nahatsapa alahelo aho rehefa nieritritra hoe tena very be tamin'ny tsy fanaovako izany tamin'ireo zanako vavy anankitelo hafa.” Ny teny aloaky ny vava na soratana izay tena mampalahelo indrindra dia ny hoe: “Indrisy! Raha mba natao mantsy izany!”<sup>1</sup>

Ireo olon-dehibe mpikamban'ny Fiangonana dia tokony hahatakatra fa ny zavatra takiana ao amin'ny Fivoaran'ny tena Manokana (Mon Progrès Personnel) sy ny Adidy amin'Andriamanitra (Devoir Envers Dieu) dia tsy ny fanasiana marika eo amin'ireo lisitry ny zavatra atao fotsiny. Tanjona manokana napetraky ny zatovolahy sy zatovovavy tsirairay izy ireo mba

hanampiana azy ho mendrika ny handray ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly, hanao asa fitoriana, hirotsaka amin'ny fanambadiana mandrakizay ary hahazo ny fifalian'ny fisandratana. *Saingy aoka ho azo tsara ny hoe: ny fiezabana manatanteraka irery ireo tanjona ireo ho an'ny zatovolaby sy zatovovavy dia fatiantoka sy faboriana lehibe!*

Ry ray sy reny ary mpitarika ny tanora, manainga anareo izahay mba handray anjara ao amin'ny Fivoaran'ny tena Manokana (Mon Progrès Personnel) sy ny Adidy amin'Andriamanitra (Devoir Envers Dieu) miaraka amin'ny zanakareo sy ny tanora. Tsy hoe izy ireo ihany no hivoatra fa hivoatra koa ianareo. Ary zava-dehibe tahaka izany ihany koa ny fivoaranareo miaraka ao anatin'ny fatotry ny finoana sy ny finanana izay hahafahanareo hifanama-fy orina sy hijanona mandrakizay eo amin'ny lalan'ny filazantsara ka ho lasa fianakaviana mandrakizay tokoa.

Ny lafiny iray tena lehibe koa eo amin'ny fanatanterahantsika ny adidin'ny ray aman-dreny amin'Andriamanitra dia ny fampianarana ny zanatsika ny filazantsara sy ny fanomanana azy ireo handray anjara feno ao amin'ny Fiangonan'ny Mpamonjy naverina tamin'ny laoniny. Tsarovy ny lesona nampianarin'ny Mpanjaka Benjamina ny vahoakany. Vokatry ny fampianarany, dia maro ireo olon-dehibe no nahazo fiovam-po lehibe (jereo Môsià 5:2). Saingy dia nilaza izany avy eo hoe “maro tamin'ny taranaka vao misondrotra, [no] tsy nety nahatakatra ny tenin'i Benjamina Mpanjaka noho izy mbola ankizy madinika tamin'ny fotoana nitenenany tamin'ny olony; ary tsy nino izy. . . . Ary nohamafisina ny fony” (Môsià 26:1, 3).

*Andraikitra tsy maintsy ataontsika* ny manampy ny tanora hahatakatra sy hino ny filazantsara amin'ny fomba lalina ho an'ny tenany manokana. Afaka mampianatra azy ireo isika handeha amin'ny mazava saingy tsy azo hindramina izany fahazavana izany. Tsy maintsy manao izay hahazoana izany manokana izy ireo. Tsy maintsy mitady ny fahazavan'ny fijoroana ho vavolombelona ho azy manokana izy ireo izay azo avy amin'ilay loharanom-pahazavan'ny Fanahy—izay tsy iza fa

Andriamanitra tenany mihitsy—amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fandalinana ary ny fisaintsainana. Izy ireo dia tokony hahatakatra hoe iza izy ireo ary tian'Andriamanitra mba ho toa an'iza izy ireo. Ahoana no fomba hanampian-tsika azy ireo?

Rehefa manao takarivan'ny mpianakavy isika na manao filankevitry ny fianakaviana na manao dinidinika manan-danja iresahana ny filazantsara amin'ny zanatsika tsirairay, dia manana fahafahana ny hijery ny mason'izy ireo isika ary hilaza aminy fa tiansika izy ireo ary tian'ny Ray any an-danitra koa. Mandritra ireo fotoana sarobidy ireo, dia afaka koa isika manampy azy ireo hahatakatra lalina ao am-pony hoe iza izy ireo ary tena sambatra izy ireo noho ny fahatongavany eto an-tany sy ao tokantranontsika ary sambatra noho ny fandraisany anjara amin'ny ilay fanekimpihavanana izay nataontsika tany amin'ny tempoly mba ho fianakaviana mandrakizay. Isaky ny misy fiarahana manao zavatra dia mizara sy mampiseho ireo fitsipika sy fitahian'ny filazantsara isika.

Ao anatin'izao vanimpotoana tandindomin-doza izao dia tsy ampy ho an'ny tanorantsika ny hoe *mabalala* tsotra fotsiny. Tsy maintsy *manao* izy ireo. Manampy ny tanora hitafy ny fiadian'Andriamanitra rehetra ny fandraisana anjara feno amin'ny ôrdônansy sy ny fandraisana anjara feno any amin'ny kôlejy sy ireo vondrona mpamampy ary ny fandraisana anjara feno amin'ireo fandaharan'asa nentanimpanahy sy fiaraha-mientana manome



hery. Moa ve isika hanampy azy ireo hitafy ilay fiadiana mba hahafahan'izy ireo hanohitra ny zana-tsipika mirehistry ny fahavalo? Raha te hisafidy marina ny lalan'ny Tompo izy ireo dia tsy maintsy mahafantatra ny lalany. Ary mba hahafantarany marina ny lalany dia tsy maintsy mampianatra sy mitarika azy ireo isika mba handray andraikitra, handray anjara ary hanatanteraka.

*Ny asa fitoriana lehibe indrindra izay ho ataontsika dia ho ao anatin'ny tokantranontsika manokana.* Ny tokantranontsika, sy ireo kôlejy misy antsika ary ireo kilasintsika dia ao anatin'ny sahan'ny misiônantsika. Ny zanatsika sy ny zafikelintsika no naman'ny fiangonana manan-danja indrindra ho antsika.

*Ny asa lehibe indrindra mikasika ny tetiarana izay ho ataontsika dia ho ao anatin'ny tokantranontsika manokana.* Fanomanana ara-panahy an'ireo zanatsika ao amin'ny taranaka vao misondrotra izany, izay noho ny fankatoavana, dia hahatonga ny fiarovana sy ny fampaharetana mandrakizay ny fianakaviansika ho azo antoka ho an'ireo taranaka mbola ho avy.

*Ny fanavotana lehibe indrindra sy ny asa fampabavitribana lehibe indrindra dia ho ao an-tokantranontsika.* Raha toa ka misy olona iray izay tsy miangona na nivily lalana, dia mpamonjy koa ianao izay tafiditra ao anatin'ny ezaka famonjena ataon'ny Fiangonana izay tena lehibe mihoatra noho ny hatramin'izay. Mijoro ho vavolombelona avy amin'ny zavatra niaina-ko manokana aho hoe: Tsy misy tsy fahombiazana izany raha tsy hoe milavo lefona. Tsy mbola tara izao raha hanomboka. Aza miahiahy ny amin'izay nitranga taloha. Raiso ny telefaonina. Manorata taratasy kely. Ataovy ny famangiana. Alefaso ny fanasana mba hodiany. Aza matahotra na menatra. Ny zanakao dia zanaky ny Ray any an-danitra. Manao ny asany ianao. Nampanantena Izy fa hanangona ny zanany ary miaraka aminao Izy.

*Ny finoana lehibe indrindra ananantsika dia ho ao an-tokantranontsika rehefa mitoetra ho mafy orina isika ao anatin'ny fitsapana sy ny olana amin'ny maha-ray aman-dreny antsika.* Hoy ny Filoha Monson vao haingana tamin'ny vondrom-behivavy



kely iray: “Indraindray isika maika loatra ny hitsara ny vokatry ny fahombiazantsika sy ny faheresentsika.” Mamelahy ianareo hanampy hoe, aza mijery ny fitsapana miseho androany ho toy ny haharitra mandrakizay. Mnao ny asany amin’ny fotoana maharitra ny Ray any an-danitra. “Betsaka ny zavatra hitranga mbola hitranga amin’ny hoavy,” hoy ny Tompo. “Noho izany, . . . aoka isika hazoto hanao ny zavadrehetra izay tratry ny herintsika; ary rehefa izany enga anie ka hahajoro isika omban’ny fahatokian-tena lehibe indrindra fa hahita ny famonjen’Andriamanitra ary ny fampisehoana ny sandriny” (F&F 123:15, 17).

Amin’izao Alahadin’ny Paska izao dia manantena aho fa hanana fahafahana hijoro ho vavolombelona isika fa fantatsika fa velona Andriamanitra ary i Jesoa no Kristy. Manantena aho fa hijoro ho vavolombelona isika mba hahafantarany ny zanatsika izay misy ny fontsika sy hahafantarany fa tiantsika izy ireo. *Ny fitiavana sy ny fampianarana tena lehibe indrindra dia tokony ho ao an-tokantranontsika.*

Mangataka ny mba hirotsahan’ny fitahian’ny Tompo amin’ireo ray aman-dreny aho ary koa hirotsahan’izany amin’ireo tanora izay tezaina ao anatin’ny tokantrano mahatoky mba hahatakatra izany fifaliana ao anatin’ny tokantrano iray sy fianakaviana iray izany izy ireo, izay toerana ahafahan’izy ireo mahazo fitiavana sy fitarihana. Mivavaka aho mba hananantsika fianakaviana mandrakizay sy mba hiahantsika mandrakizay eo anatrehan’Andriamanitra Ray sy ny Zanany, Jesoa Kristy.

Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa velona i Jesoa Kristy. Izy no mpiandry ondrin’ireo ondry very, ilay mpamonjy ny fanahy very, mpanasitranana ny fo maratra ary fanantenan’ny olombelona rehetra. Aoka isika hanantosa ny andraikitsika amin’ny alalan’ny fiarahana Aminy ho toy ny Mpampianatra antsika, ary miaraka amin’ny finoana Azy sy ny fitiavana mandrakizay ho antsika tsirairay avy. Izany no vavaka ataoko amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo “Maud Muller,” *The Complete Poetical Works of John Greenleaf Whittier* (1876), 206.



**Nataon’ny Loholona Bradley D. Foster**  
Ao amin’ny Fitopololahy

## Izany no Nolzain’ny Reniko

*Angamba ny antony mahamora ny fandraisantsika ny fitiavan-dreny dia satria izany dia maneho ny fitiavan’ny Mpamonjy.*

**N**apetraky ny Tompo teo amin’ireo ray aman-dreny ny andraikitra voalohany hanabe ara-panahy ireo zanany. Indraindray ity andraikitra ity dia sahanin’ny ray na reny fotsiny. Azo lazaina hoe mbola tanora ny reniko tamin’ny raiko maty, namela azy irery niaraka tamin’ny zaza efatra. Kanefa dia niatrika izany fitsapana izany tamim-pinoana sy herim-po izy ary nampanantena anay fa raha toa ka mijanona amin’ny lalàn’ny fahamarihana izahay dia ho tsara lavitra kokoa noho ny fanombohana ny fiafaran’ny fiainanay. Toy ireo zanaka nanana reny be herim-po tao amin’ny Bokin’i Môrmôna, dia “tsy [n]iroanahana izahay, nahafantatra izany ny [reni]nay.” (Almà 56:48). Ry Rahalahy sy rahavavy, tena fantatro manokana tokoa ny fitarihana tsara avy amin’ireo reny.

Nizara zavatra niainany izay naneho izany fitarihana tsara izany ny namako be iray, Don Pearson. Indray alina dia nangataka azy hamaky boky iray alohan’ny hatoriany ny zanany lahy efa taona. Naka ny boky faran’izay tiany indrindra i Eric dia ny: *The Ballooning Adventures of Paddy Pork*, izay tantaran’ny fianakaviana iray niaina tao amin’ny nosin-dranomasina kely iray ary nandeha nitetity ireo nosy

manodidina amin’ny alalan’ny baolina be mibontsina avy amin’ny rivotra mafana. Boky misy sary saingy tsy misy soratra ilay izy, ka Rahalahy Pearson no namorona ny teny amin’ilay tantara.

“Ao anaty baolina be mibontsina avy amin’ny rivotra mafana i Paddy. Mipetraka eo amin’ilay nosy izy izao. Mandatsaka rojo avy eo amin’ny ilan’ilay baolina be mibontsina avy amin’ny rivotra mafana izy.”

Najanon’i Eric izy. “Dada a! tsy rojo io,” hoy izy. “*Tady* io.”

Nojeren-dRahalahy Pearson tsara i Eric ary avy eo izy dia namaky ilay boky indray ka nanohy nitantara: “Nivoaka ny baolina be mibontsina avy amin’ny rivotra mafana i Paddy ary nihanika hazo iray. Oay! Voasarangotry ny sampankazo ny palitaony!”

Najanon’i Eric indray izy. “Dada a! tsy palitao izany io. *Akanjo mafana lava tanana* iny.”

Somary sanganehana ihany teo Rahalahy Pearson. Hoy izy hoe: “Eric a! tsy misy soratra ao amin’ity boky ity fa sary fotsiny, koa maninona ianao no miziriziry fa akanjo mafana lava tanana io?”

Novalian’i Eric hoe: “Satria izany no nolazain’i Neny.”

Nakombon’ny rainy ilay boky ary niteny izy hoe: “Eric a! iza araky ny